



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-52EX

FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA FANINDROANY MOMBA NY:

- volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-002 du 15 mai 2019
- 2019-006 du 28 mai 2019
- 2019-009 du 15 juillet 2019»

- volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-001 du 10 mai 2019
- 2019-007 du 06 juin 2019
- 2019-015 du 15 juillet 2019

Fivoriana Faha-5
Natao ny
Alakamisy 12 Martsa 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa ANGELE Solange
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

FOTOANA: Alakamisy 12 Martsa 2020, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandraisana fanapahan-kevitra fanindroany momba ny:

- volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-002 du 15 mai 2019
- 2019-006 du 28 mai 2019
- 2019-009 du 15 juillet 2019»

- volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26/02/2020 «portant ratification des ordonnances:

- 2019-001 du 10 mai 2019
- 2019-007 du 06 juin 2019
- 2019-015 du 15 juillet 2019

Nitohy ny Alakamisy faha-12 Martsa 2020, tamin'ny 3 ora sy 10 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta Ramatoa Filoha dia nanambara ny fandaharam-potoana izay voalaza etsy ambony.

Talohan'ny nirosoana tamin'ny votoatin-daraharaha, niangavy ny hanaovana fanamarinana ny fahatongavan'ireo Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha. Izany hoe samy nanonona ny anarany sy ny laharany ireo Solombavambahoaka mba hialana amin'ny fandanium-potoana.

Niroso tamin'ny fandaharam-potoana ny mpivory ka nambaran-dRamatoa Filoha tamin'izany, fa tsy nankatoavin'ny Antenimierandoholona ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 sy ny laharana faha-002/2020; ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 kosa nankatoaviny.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa lalàna efa nolanina teto amin'ny Antenimierampirenena ireto lalàna roa ireto, ka izao averina andraisana fanapahan-kevitra fanindroany izao.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitry ny asam-baomiera momba ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020; Andriamatoa RAKOTOMALALA Miariantsoa Andriantsitonta no nanatanteraka izany ka toy izao no fivakiny.

Nivory ny Alakamisy faha-12 Martsa 2020 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Vaomieran'ny Lalàna ary ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nandinika fanindroany ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 «**portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier**».

Ramatoa **RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa**, Filohan'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- MOHAMAD Ahmad
- 2- SAID Zakaniaina Mahafaly Joseph
- 3- RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena
- 4- TSIKIVY Adrien
- 5- MBELO Ndriamanamby Jean Germain Odon
- 6- ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
- 7- RAKOTONDRAVOAVY Andriniaina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAHERIARIJAONA Régina Clarisse
- 2- IDEALSON
- 3- VELONTSARA Paul Bert
- 4- VONINAHITSY Jean Eugène
- 5- RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- 6- RAFIDIMANANA Narson
- 7- ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- 2- EDIZARD
- 3- NASIRA Julien
- 4- RABENARY Jean
- 5- RASOLOFOMANANA Beby Olivier
- 6- RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena
- 7- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tong nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RABEHAJA Jean
- 2- RAMAMONJISOA Rakotonirina Jhon Whary
- 3- RAVONTY Tam-Téon Luc
- 4- MANOLOSOA Felix

Ireto avy ireo teknisiana nisolotena ny Governementa,
Andriamatoa isany:

1	RAVOKATRA Fidiniavo	Ministre des Mines et des Ressources Stratégiques
2	RAKOTONIRINA Gervais	Dir Cab MID
3	RASOLOMAHOLY RAKOTOZANANY Célestin	S.G MID
4	RAKOTONANAHARY Jean Yves Ravo	DELED/MID
5	RANDRIAMAHEININA Théodore	DGAT MID

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna sy mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Harena Stratejika ny fitenenana izay nanehoany ny heviny mahakasika ny maha ara-dalàna ny fandinihana fanindroany ny volavolan-dalàna.

Rehefa vita izay dia nanao fanamarihana ny Solombavambahoaka iray, fa paikady politika sy fandrebirebena no nandavan'ny Antenimierandoholona ity volavolan-dalàna ity.

Vita izay dia nandray fitenenana Andriamatoa Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika. Nilaza izy, fa misy zavatra tokony heken'ny Antenimierandoholona ihany tao anatin'ny volavolan-dalàna, fa nisy ireo izay nanelingelina. Lasa sarotra araka izany ny nandania azy. Eo ihany koa ny tsy nahazoan'izy ireo ny tovana teo am-pelan-tànany, ka nahatonga ny fanemorana.

Nomarihan'Andriamatoa Minisitry ihany koa, fa nisy Loholona nilaza fa ny «ratification» dia midika fanamafisana fa tsy fankatoavana.

FANAMARIHANA:

- Nanamarika ny Solombavambahoaka, fa ny volavolan-dalàna no anaovana fandania fa tsy ny Hitsivolana.
- Fandania no tokony hatao fa tsy mandany fotoana satria fantatra fa resaka politika izao fihetsiky ny Antenimierandoholona izao. Tian'izy ireo ho tahaka ny tamin'ny volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2020 (LFI 2020) indray ity volavolan-dalàna ity.

- Manentana ny Minisitery ny Solombavambahoaka mba hanao serasera mafonja ho fampahafantarana ny vahoaka, fa izy ity dia lalàna efa mihatra ary efa manan-kery sy nankatoavin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka tsy ananan'izy ireo fahefana intsony ny fanafoanana azy satria raha hanafoana lalàna dia fomba hafa no tokony hatao.
- Ireo teknisiana dia nilaza fa hampitaina any amin'Andriamatoa Minisitry avokoa ireo fanamarihana ireo.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nandray fanapahan-kevitra ny Vaomiera mitambatra, ka nohamafisin'izy ireo ny fankatoavana ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 «**portant ratification de l'Ordonnance n°2019-002 du 15 mai 2019 portant loi organique modifiant et complétant certaines dispositions de la loi organique n°2018-008 du 11 mai 2018 relative au régime général des élections et des référendums, de l'Ordonnance n°2019-006 du 28 mai 2019 portant loi organique modifiant certaines dispositions de la loi organique n°2015-007 du 03 mars 2015 fixant les règles relatives au fonctionnement du Sénat ainsi qu'aux modalités d'élection et de désignation des Sénateurs de Madagascar, et de l'Ordonnance n°2019-009 du 15 juillet 2019 modifiant et complétant certaines dispositions de la loi modifiée n°99-022 du 19 août 1999 portant Code minier**» ary hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy 10 minitra, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra natony, Ramatoa Filoha, nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana ny tatitra novakiana teo ny mpivory. Tsy nisy fanitsiana na fanamarihana izany avy tamin'ny Solombavambahoaka, ka Minisitry ny Harena ankibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo no nitondra fanamarihana mikasika ny ny pejy fahatelo, andalana fahatelo manao hoe: eo ihany koa ny tsy nahazoan'izy ireo ny tovana teo am-pelan-tànany ka nahatonga ny fandavana. Ahitsy hoe: ...tsy nahazoan'izy ireo ny tovana teo am-pelan-tànany ka nahatonga ny fanemorana.

Eo koa ny fanitsiana ny voalazan'ny andalana faha-4, nanesorana ny fehezan-teny faha-4 hoe: Noho izany dia tsy ilana fandinihana fanindroany intsony, fa avy dia fandaniana no atao. Tamin'izany no nilazany fa tsy niteny an'izany izy, fa ny hevitra ny «ratification» no midika ho fanamafisana hahatonga azy ho lalàna, fa tsy fankatoavana ary nambarany, fa hevitra ny Loholon'i Madagasikara RAKOTOMANANA Honoré izay nandika ny hevitra ny «ratification» tamin'ny teny Malagasy tamin'ity tranga misy ity; fanamafisana anefa no hevitra tiana tenenina eto.

Taorian'izay, niroso tamin'ny famelabelarana ny antonanton'ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka nomena fitenenana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta, hitondrany fanampim-panazavana ary ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo no nanao izany.

Nambarany fa volavolan-dalàna efa nodinihana teto anivon'ny Antenimierampirenena ity volavolan-dalàna ity. Efa voalaza teo, hoy izy, fa efa lany teto koa izy ity. Fantatra ihany koa ny antony namerenan'ny Antenimierandoholona azy teto amin'ny Antenimierampirenena. Nomarihany fa volavolan-dalàna ity dinihana ity, fa tsy volavolan-kitsivolana. Tsindriana izay mba tsy hisian'ny fifandisoan-kevitra amintsika rehetra.

Taorian'izay, nametraka fanontaniana, Ramatoa Filoha, raha misy amin'ireo mpikambana eo anivon'ny Governemanta mbola te-hanambara bebe kokoa ny antony nitsipahan'ny Antenimierandoholona ity volavolan-dalàna mikasika ny «ratification» ity.

Ny Minisitry ny Harena an-kibon'ny Tany sy ny Loharanon-karena Stratejika, Andriamatoa RAVOKATRA Fidiniavo no nandray fitenenana, ka nanambara tamin'ny teny fohy hoe: misy toe-tsaina te-hijery tombotsoa manokana tazana tao anatin'izao fandinihana ny volavolan-dalàna tany amin'ny Antenimierandoholona izao.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory ary nambaran-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra toy izao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 80 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 «portant ratification des ordonnances: n°2019-002 du 15 mai 2019; n°2019-006 du 28 mai 2019; n°2019-009 du 15 juillet 2019».

Rehefa izany, nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo, Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana no nandray fitenenana, ka fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny nandanian'izy ireo fanindroany ny lalàna no nataony ary nohamafisiny fa vonona ho amin'ny fampandrosoana marina ny firenena tokoa ny Solombavambahoaka raha izao fiaraha-miasa izao no jerena.

Taorian'izany, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiditra amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 ny mpivory.

Rehefa izany, niangavy an'Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananan-tany, Ramatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra.

Nivory ny Alakamisy faha-12 Martsa 2020 tamin'ny 8 ora sy sasany, maraina, ny Vaomiera mitambatra, niarahan'ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananan-tany ary ny Vaomieran'ny Asa Vaventy, nandinika fanindroany ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 «portant ratification des ordonnances: n°2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier, n°2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national, n°2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites» rehefa avy nampandalovina tany amin'ny Antenimierandoholona.

Andriamatoa IDEALISON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna sy Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitantanana ny Fananan-tany no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

1. IDEALSON
2. RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
3. RASALAMA Léon
4. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
5. RAFIDIMANANA Narson
6. SATRA Augustin
7. VELONTSARA Paul Bert
8. VONINAHITSY Jean Eugène
9. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
10. RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
11. RAHERIARIJAONA Regina Clarisse
12. ANDRIAMANJATO Liantsoa Bina
13. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
14. NASIRA Julien
15. ANDRIAMBELOSOA Heriniaina
16. ANGELE Solange
17. RALALASON Dera Harinjafimino
18. RASOLOMANANA Beby Olivier
19. RATSIMANOSIKA Alexandre Andriamanantena
20. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
21. TOVONDRAY Retsanga Brillant de l'Or
22. RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjanakolona

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nanatrika ny fivoriana, Andriamatoa MBELO NDRIAMANAMPY Germain Odon.

Ireo teknisiana nislotena ny Governemanta:

Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- | | |
|------------------------------|---------------------|
| 1. ANDRIANAINARIVELO Hajo | Min MATP |
| 2. RAKOTOMALALA Nadia | DERL/ MINJUS |
| 3. RAKOTONDRAJERY R. Salohy | DGAJER/ MINJUS |
| 4. RAKOTONIRINA Vololoniaina | Chef de Svce MINJUS |

5. RAJERISON Henri	AT/MATP
6. RANDRIANANDRASANA Hajaniaina	DGTP/MATP
7. LAMINA Boto Tsara Dia	DG/SAMIFIN

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nitondra fanamarihana, fa efa lanin'ny Vaomiera sy teo anivon'ny fivoriambe teto amin'ny Antenimierampirenena ity volavolan-dalàna ity. Noho izany dia tsy hiditra lalina amin'ny votoatiny intsony isika, fa famintinana no angatahana amin'Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana mba ahafahantsika mandray fanapahan-kevitra haingana. Tokony hialantsika ny fanapahan-kevitra politika sy ny «manœuvre dilatoire» mba hirosoana amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity satria ireo Hitsivolana telo mandrafitra azy dia efa nahazo fankatoavana teny anivon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Taorian'izay dia nandray fitenenana Andriamatoa Minisitra sy ireo teknisiana namintina ny votoatin'ny volavolan-dalàna sy nanazava ny antony nitsipahan'ny Antenimierandoholona izany. Nambaran'izy ireo fa nandalo «Commission plénière» teny amin'ny Antenimierandoholona tamin'ny Talata faha-10 Martsa 2020 ity volavolan-dalàna ity izay nahafahan'ny Minisitara nitondra fanazavana tamin'ny antsipiriany sy namaly ireo fanontaniana izay napetrak'ireo Loholona.

Toy izao ny famintinana ireo Hitsivolana ao anatin'ity volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 ity:

– **Hitsivolana laharana faha-2019-001 tamin'ny 10 Mey 2019 «relative au patrimoine routier»:**

Ity Hitsivolana ity dia mametraka ny fanovàna ny fitantanana ny lalana eto Madagasikara. Ny votoatin'izany fanovàna izany dia ny fanomezana vahana ireo Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana amin'ny fitantanana ny lalana eto amintsika.

- Ny lalam-pirenena: ny Fanjakana amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Toeram-ponenana ary ny Asa-vaventy no «Maître d'ouvrage».
- Ny lalam-paritra: ny Faritra no «Maître d'ouvrage».
- Ny lalana Kaominaly: ny Kaominina no «Maître d'ouvrage».

Ao anatin'izany dia azon'ireo rafitra telo ireo atao ny mindrana na maka vola any amin'ny «Fonds Routier» ho fanamboarana ireo lalana ireo. Amin'ny maha tomponandraikitra ny Vondrom-paritra Itsinjaram-pahefana ireo Loholona dia mahagaga ihany ny fanapahan-kevitra izay noraisin'izy ireo nitsipaka ity volavolan-dalàna ity.

– **Hitsivolana laharana faha-2019-007 tamin'ny 6 Jona 2019 «relative à l'ordre national malagasy» sy ny Hitsivolana laharana faha-2019-015 tamin'ny 15 Jolay 2019 «relative au recouvrement des avoirs illicites»:**

Nitondra fialan-tsiny avy amin'Andriamatoa Minisitry ny Fitsarana ireo teknisiana amin'ny tsy fahafahany niatrika ity Asam-baomiera ity noho ny adidy aman'andraikitra hafa tsy maintsy novonjeny.

Efa noentina teto anivon'ny Antenimierampirenena ity volavolan-dalàna ity ary heverina fa efa nazava ny famelabelarana natao teto mahakasika ireo Hitsivolana roa momba ny «ordre national» sy ny «recouvrement des avoirs illicites» na ny fihazonana ireo harena azo avy amin'ny tsy rariny. Noho izany, angatahana ny handanian'ny Solombavambahoaka ity volavolan-dalàna ity raha tsy misy fanontaniana na fanamarihana.

Mahakasika ny zava-nisy teny amin'ny Antenimierandoholona dia nanapakevitra ny Vondrona «GPP» ny hampifidy ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020. Ny Vondrona Parlemantera HVM kosa dia nampiantso ny tsy handaniana azy noho ny antony hoe: «*tsy mirindra sy tsy tokony hiaraka ao anaty volavolan-dalàna iray ireo Hitsivolana telo ireo*».

Na izany aza dia nahagaga ihany hoy ireo teknisiana fa nankatoavin'ny Antenimierandoholona ny volavolan-dalàna laharana faha-003/2020 izay mitovy firafitra amin'ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020.

Fanamarihana:

Nanamarika ny Solombavambahoaka fa manomboka mitarika savorovoro ity «Projet de ratification» ity, izay tsara hazavaina fa efa nisy didy navoakan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana mba hanaovan'ny Fitondram-panjakana ny «régularisation» ireo Hitsivolana noraisin'ny Filohampirenena nandritry ny fotoana tsy nisian'ny Antenimierampirenena. Raha ny hitantsika dia efa nanao ny adidiny ny mpanantanteraka nampandinika ireo Hitsivolana ireo tamin'ny alalan'ireo «Projet de ratification» ireo. Ny anjaran'ny Antenimiera roa tonta dia ny fankatoavana izany.

Noho izany:

- langaviana isika Solombavambahoaka mba hitondra fanazavana eny amin'ny Vahoaka nifidy antsika;
- langaviana ihany koa ianareo teknisiana mba hitondra fanazavana misimisy kokoa eny amin'ny haino aman-jery;
- Anio dia hivory sy hamory mpanao gazety ireo Filohan'ny Vaomiera Maharitra eto anivon'ny Antenimierampirenena hitondra fanazavana mikasika ireto volavolan-dalàna ireto.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izany dia nandray fanapahan-kevitra ny Vaomiera mitambatra ka nohamafisin'izy ireo ny fankatoavana ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 «portant ratification des ordonnances: n°2019-001 du 10 mai 2019 relative au patrimoine routier, n°2019-007 du 06 juin 2019 relative à l'ordre national malagasy, n°2019-015 du 15 juillet 2019 relative au recouvrement des avoirs illicites» ka hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora sy sasany, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izany, nisaotra ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, tamin'ny famakiany ny tatitra teo.

Nambarany, fa hiroso amin'ny fanamariana sy fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, voafidy tao Marolambo dia nanamarika fa ao amin'ny pejy fahatelo, HVM ihany no tokony ho eo fa tsy GPR.

Ho an'ny solotenan'ny Governemanta kosa, raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy, nanamarika ny voalazan'ny pejy faharoa hoe: Ny lalam-pirenena: ny Fanjakana amin'ny alalan'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Toeram-ponenana ary ny Asa-vaventy no «Maître d'ouvrage», fa tsy hoe: ny Minisiteran'ny Asa Vaventy fotsiny.

Momba ny voalazan'ny Solombavambahoakan'i Marolambo kosa, GPP no izy fa tsy GPR. «Groupe Parlementaire Présidentiel», izay no mahatonga azy ho GPP.

Ny Solombavambahoakan'Arivonimamo, RAKOTONDRAVOAVY Andrianjafinjokolona kosa nilaza fa mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanajariana ny Tany sy Fitantanana ny Fananan-tany sady «Rapporteur» ihany koa izy, kanefa voasoratra any amin'ny lisitry ny tsy mpikambana. Ao amin'ny tatitra, pejy voalohany no tokony hanitsiana izany.

Fisaorana ny Mpampakateny no nataon-dRamatoa Filoha, taorian'izay sady nanome fitenenana ny solotenan'ny Governemanta hanomezany fanazavana fohy.

Rehefa izany, niroso tamin'ny famintinana ny antony nitsipahan'ny Antenimierandoholona ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany Fanajariana ny Tany sy ny Toeram-ponenana ary ny Asa Vaventy.

Nohamafisiny ny voalazan-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena, fa efa nandalo teto anivon'ity Andrimpanjakana ity ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 febroary 2020 ary efa lany koa izany tamin'ny nandalovany teto.

Voalazan'Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, izay tsy eto amin'izao fotoana izao, fa taorian'ny fiaraha-midinika naharitra adiny dimy tamin'ireo Loholona sy ny teknisiana avy tamin'ny Governemanta no nanapahan'ny «Groupe Parlementaire Présidentiel» ny hampandany ity volavolan-dalàna ity, fa ny «Groupe Parlementaire HVM» kosa no nitsipaka izany noho ny antony voalazany fa tsy mirindra ny hitsivolana ao anaty volavolan-dalàna. Izany no nanapahan'izy ireo hevitra tsy hifidianana ny volavolan-dalàna ka rehefa natao ny latsabato: Loholona miisa 17 no nitsipaka ary 16 kosa no nanaiky. Izay hoy, Andriamatoa Minisitry, ny antony niverenan'ity volavolan-dalàna ity indray eto anivon'ny Antenimierampirenena. Nomarihany fa lalàna efa nihatra ary navoakan'ny HCC hanan-kery izy ity, fa ny nahagaga dia ny tsy nahalalan'ny Antenimierandoholona izany toe-javatra lazainy izany.

Rehefa avy nisaotra, an'Andriamatoa Minisitra tamin'ny fanampim-panazavana nataony, Ramatoa Filoha dia nanambara, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Nomarihany fa ny voalazan'ny andinin'ny faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena hatrany no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 85 nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020 «portant ratification des ordonnances: n°2019-001 du 10 mai 2019; n°2019-007 du 06 juin 2019; n°2019-015 du 15 juillet 2019».

Taorian'ny fahalanian'ny lalàna, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta, Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Toeram-ponenana ary ny Asa Vaventy no nandray fitenenana, ka fisaorana tamin'ny nandanian'ny Solombavambahoaka ny volavolan-dalàna tamin'ny isa 100% no nataony ary nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa amin'ny Antenimierampirenena ny tenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka avy eo, Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hametrahan'ny Solombavambahoaka fanontaniana amin'ireo Minisitery miandraikitra ny Fandriampahalemana, ny Atitany sy ny Fitsarana ny tenany.

Niato tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.


RAZANAMAHASOA Christine Harijaona